



## TARATASY MISOKATRA HO AN'ANDRIAMATOA FILOHAN'NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

### **“DUBAI” MALAGASY IRAY AO AMIN'NY LAKANDRANON'I MOZAMBIKA : IZA ILAY MPAMPIASA VOLA VAHINY NAMPANANTENAINA NY NOSY MITSIO ?**

Inona marina no konokononina ao Nosy Mitsio? Ity nosy kely ao amin'ny tapany avaratry ny Lakandranon'i Mozambika ity, izay eo amin'na toerana stratejika ho an'ny fivezivezena an-dranomasina eran-tany, ary misy mponina an'arivony maromaro mivelona amin'ny jono, ny fambolena, ary ny fizahantany ara-tontolo iainana manaja ny natiora sy ny zavamananaina isan-karazany tsara tahiry amin'ny fomba miavaka, dia hita fa lasa lasibatry ny fitsiriritana mafy avy amin'ny karazan'olona samihafa efa an-taona maro izao. Koa amin'izao fotoana kasain'i Madagasikara hanatanterahana fanavaozana lalina ny fototra ijoroany amin'ny alàlan'ny fikaonan-doham-pirenena izao, dia mety hirona aingana sy tsy hisy fanafany ho any amin'ny tombontsoan'ny mpampiasa vola vahiny kosa ny hoavin'ny Nosy Mitsio, ary anatin'ny “tsiambaratelo” tanteraka.

Anisan'ireo olom-pirenena vitsy nahafantatra ny fisian'ny fitsidihan'ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Raharahan-tany tao Nosy Mitsio, ny zoma 25 Septambra 2026, ireo mpikambana ao amin'ny Collectif TANY. Nisy tompon'andraikitra ambony maro avy amin'ny Fanjakana sy ny Faritra Diana nandray anjara tamin'izany fitsidihina izany.

Mipoitra avy hatrany ny fanontaniana hoe : fa nahoana ity hetsika ity no tsy natao am-pahibemaso toy ny mahazatra amin'ny alàlan'ny fampahafantarana fanaon'ny Fanjakàna Fanavaozana ? Tena mavesa-danja mantsy ny vaovao nentin'ireto solontenam-panjakàna ireto na dia somary nisy tsy nangarahara aza : tetikasa hamindrana tàmàna ny fitantanana faritra midadasika amin'ilay nosy sy ny ranomasina manodidina azy.

Notsindrian'ireo manam-pahefana nandritra ny lahateniny fa, tsy te-ho sahala amin'ireo fitondrana teo aloha, izay nirodana rehefa avy nanandrana nikitikitika ny Nosy Mitsio nefa tsy nangataka ny fankatoavan'ny mponina tao, ny mpitondra ankehitriny, ka nanapa-kevitra fa hifampidinika amin'ny mponina ao an-toerana, alohan'ny hirosoana amin'ny dingana manaraka.

Miteraka fanontaniana sy ahiahy anefa ny famariparitana somary fohy momba ilay tetikasa, izay nokendrena mba hahazoana ny fanohanana'ny rehetra. Etsy an-daniny, homena *vazaha* mpikarakara fizahantany ny tora-pasik'i Nosy Mitsio. Etsy an-kilany, hahazo titra fananan-tany ny fianakaviana tsirairay ao amin'ilay nosy sady afaka hanohy hamboly ny taniny sy ny tanim-bariny. Dia hisy asa goavana hatao hanovàna ny Nosy Mitsio ho toerana fizahantany mirenty, mitovy amin'i "Dubai", hoy ny filazan'ny manam-pahefana azy.

Io antsipiriany io, miaraka amin'ny fideràna ny fahaizan'ilay mpandraharaha hanao ny tetikasa, eo amin'ny fananganana toerana fizahan-tany "maoderina" sy trano fonenana "mitovy amin'ny any anatin'ny nofy", izay notsindriana tamin'ny alalan'ny fampisehoana sarin'ireo trano any ivelany manana endrika maoderina be, nampiarahana tamin'ny sarin'i Nosy Mitsio amin'izao fotoana izao, dia nampieritreritra fa avy any amin'ny Emirata Arabo Mitambatra (Emirats Arabes Unis) ireo mpandraharaha vahiny momba ny fizahan-tany voalaza ireo.

Tamin'ny volana Desambra 2024 mantsy, nisy lahatsoratra an-gazety nampandre ny vahoaka malagasy momba ny mety hisian'ny fifanarahana (*“deal”*) hosoniavina eo amin'ny Emir iray sy ny Filoha Andry Rajoelina mikasika an'i Nosy Mitsio (1). Ankoatra izay, nanambara ny fananganana faritra afaka haba iraisam-pirenena eo amin'ny fizahantany

iarahana amin'ny Emirata Arabo Mitambatra ny Filankevitry ny Minisitry tao amin'ny tatitry ny fivoriany 19 Martsa 2025, saingy tsy nanondro mazava ny toerana hananganana izany.

**Miantso mafy ireo tompon'andraiki-panjakana ambony izahay mba hampahafantatra amin'ny olom-pirenena malagasy rehetra ny antsipiriany feno momba ity tetikasa ity**, izay naseho hoe tetikasa hanovàna an'i Nosy Mitsio ho toerana fizahan-tany mandroso, nefa misy hevitra mifanohitra hita taratra tamin'ny fanambarana natao tamin'ny mponina ao an-toerana.

**Anisan'ny tanin'i Madagasikara ny Nosy Mitsio ! Anisan'ny vahoaka malagasy ny mponina ao Nosy Mitsio !**

**Miteraka fanontaniana maro sahady ilay fanazavana fohy nataon'ireo tompon'andraikitra ambony momba ity tetikasa ity:**

- Tsy loza mahatsiravina ve ny ho fiantraikan'ity tetikasa ity eo amin'ny tontolo iainana, satria ao anatin'ny faritra ranomasina arovana Ankarea no misy an'i Nosy Mitsio, faritra voalaza fa *“tena manana lanja mampihaiky eo amin'ny lafiny ekolojika noho ny haren'ny zavamananaina an-dranomasina ao aminy, anisan'izany ireo karazana haran-dranomasina mahatanty toe-javatra sarotra, ireo biby mampinono an-dranomasina, ireo karazana antsantsa sy taratra ary ireo sokatra an-dranomasina”* ? (2)

- Tena mifanandrify amin'ny toe-javatra hiseho sy milaza ny marina tanteraka ve ny famaritana ny tetikasa naseho ny mponina? Ny fanomezana ireo tora-pasika ho an'ny mpampiasa vola vahiny dia hanakana ny fahafahan'ny mponina ao an-toerana hankenany amin'ny ranomasina. Ampahany lehibe amin'ny antom-piveloman'izy ireo anefa ny jono. Ankoatra izany, ireo toerana fizahantany malaza ho iraisam-pirenena sy maoderina ireo dia hanitsaka any amin'ny tany amin'ny faritra anatin'ny nosy, satria tsy ho afaka haorina eo ambonin'ny fasika amoron-dranomasina daholo ny hotely sy fotodrafitrasa fizahan-tany rehetra. Toa midika izany fa tsy ho voatazona ny tranon'ny mponina ao an-toerana sy ny tanimbariny, araka ny nampanantenaina tamin'ireo kabary ? Marihina fa nisy niresaka fananganana trano fonenana maoderina ho an'ny mponina any amin'ny toerana iray manokana.

- Tsy natao handresena lahatra sy hanambatambazana ny mponina ve ilay fampanantenana hizara titra fananan-tany? Nanakana ny mponina tao Nosy Mitsio tsy ho afaka hanatanteraka ny dingana samihafa manodidina ny fanoratana ny taniny tokoa mantsy ireo fitondrana nifandimby teto Madagasikara nanomboka tamin'ny taona 2019, noho ny fikasàna efa nisy teo amin-dry zareo rehetra hanome ny nosy ho an'ny mpampiasa vola. Saingy aoka ho mailo, fa tsy manome antoka tanteraka momba ny fiarovana ny tany ny fananana titra ara-dalàna. Amin'ity tranga ity ohatra, mety hanery ny mponina handao ny taniny, izay efa harovan'ny titra sy ny baorina, ny hiafaràn'ireo tolo-kevitra isan-karazany, izay hiteraka safidy ankalalahana tanteraka na miaraka amin'ny tsindry mavesatra : maro ny tranga sy ambaratonga mety hisehoan'izany, manomboka amin'ny tolotra hividy ny tanin'ny mponina ka hatramin'ny fampiasàna ny lalàna mahakasika ny fakana ny tany noho ny tombontsoam-bahoaka (*“expropriation pour cause d'utilité publique”*), izay tsy tena nitombona indraindray.

- Anisan'ireo vokatry tsara voalaza fa ho azo amin'ilay tetikasa ny famoronana asa. Saingy raha sanatria hampiasa ny tanin'ny mponina ny fotodrafitrasa momba ny fizahantany, na raha sanatria hafindra toerana ny mponina ka hapetraka any an-kafà, **firy amin'ireo mponina an'arivony ao Nosy Mitsio amin'izao fotoana izao no hahazo asa amin'ireo toerana fizahan- tany** izay dokafana aminy ireo ? Hahasolo ireo asa famokarana eo amin'ny sehatry ny fambolena sy ny jono izay efa ahafahan'ny maro an'isa ao amin'ny mponina mamelona sy mampianatra ny zanany amin'izao fotoana izao ve ny asa sy fidiram-bola ho entin'ireo fampanantenana ireo ?

- Tsy misy fifanoherana miharihary ve eo amin'ny tombontsoa azo avy amin'ny fizahantany mifantoka amin'ny **natiara** izay efa misy ankehitriny ao Nosy Mitsio, **sy ny toetoetran'ilay tetikasa resahana, izay hampiasa fitaovana tsy voajanahary isa-karazany sady mety hanimba zavatra betsaka** ? Tsy efa mibaribary ve ny tsy fitoviana hisy eo amin'ireo vondron'olona (na Malagasy na vahiny) hahazo tombontsoa amin'izany tetikasa izany eo amin'ny andaniny,

sy ireo mponina eo an-toerana izay ho very ny morontsiraka falehany, ny loharanon-tsakafony sy ny fidiram-bolany, ary ny kolontsainy, eo amin'ny ankilany?

**Mazava ny safidin'ny Collectif TANY :** tsara lavitra ny fomba fijery ny ho avy mikendry fiaraha-monina mampiroborobo ny fivoarana tsikelikelin'ny maro an'isa eo anivon'ny mponina eo an-toerana, mba hanatsarana ny fiainany ara-toekarena sy ara-tsosialy, sady manaja ny soatoavina sy ny kolontsain'izy ireo, — raha oharina amin'ny fomba fijery ny ho avy voizin'ireo ohatra avy any an-kafa mamitaka, izay hoatry ny hitondra fiovana aingana be nefa tsy mahasoa afa-tsy ireo vitsy an'isa efa manan-katao, ary mampahantra sy miteraka voka-dratsy lalina ho an'ny mponina maro an'isa.

### **Hevitra vaovao ve ilay tetikasa fizahantany ao Nosy Mitsio?**

Raha toa ka marina fa orinasa na mpandraharaha avy any Emirata Arabo Mitambatra no mpampiasa vola, dia mety hitovy tanteraka amin'ilay tetikasan'ny fitondrana Rajoelina ity tetikasa ity. Koa rariny raha manontany tena ny olom-pirenena hoe sao dia tetikasa noforonina tany andamosin'ny mponina, sady mbola ahitana tsy fahampian'ny mangarahara ihany ary no averina apetraka indray.

**Raha izany no zava-misy, moa ve tsy mifanohitra tanteraka amin'ny iraka sy asa FANAVAOZANA iandraiketany** ny ataon'ny fitondrana Fanavaozana raha manatanteraka ity tetikasa ity ? Sao dia izany no mahatonga ireo tompon'andraikitra tsy sahy niresaka amim-pireharehana tamin'ny haino aman-jery momba ilay tetikasa hatreto, na tany Nosy Mitsio, na teo amin'ny sehatra nasionaly sy iraisam-pirenena ?

28 septambra 2026

**Fikambanana TANY miaro ny tany malagasy / Collectif pour la défense des terres malgaches – TANY**  
patrimoine.malagasy@gmail.com, <https://terresmalgaches.info>, Facebook: TANYterresmalgaches, X ex-Twitter: @CollectifTany

### **Rakitra nanovozan-kevitra**

1. <https://terresmalgaches.info/nosy-mitsio-vaovao-nanaitra-mafy-sy-fanohanana-ny-mponina-newsletter-n226-mg/>
2. [https://www.fapbm.org/aire\\_protegee/ankarea/](https://www.fapbm.org/aire_protegee/ankarea/)